

Les Amis du CATJA

Fikambanana miorina araka ny lalàna 1901. Naorina ny taona 1994 araka ny fanapahan-kevitry ireo fianakaviana nanangana zaza avy ao amin'ny CATJA (Centre d'Accueil et de Transit des Jumeaux Abandonnés) ao Mananjary-Madagasikara

Tanjon'ny fikambanana ny hanohana sy hanampy ireo ankizy izay raisina ao amin'ny CATJA, na ireo raisina vonjimaika na ireo raisina maharitra, amin'ny alalan'ny fanampiana ny fampandehanana sy fampivelarana ireo soritrasa sy asa fampivoarana nyf iainan'ny ankizy andavanandro, ny fianarany, ny fampidirana azy ireo eo anivon'ny fiarahamonina ,ary ny fivelarany amin'ny maha olona manontolo.



Ny fikambanana dia ivondronan'ireo mpikambana mandray anjara mivantana sy ireo mpikambana mpiahy. Olona avy amin'ny tany miteny frantsay izy ireo amin'ny ankapobeny.

Ireo ray aman-dreny izay nanangana zanaka iray na mihoatra ,avy ao amin'ny CATJA , na efa feno taona ireo zanaka na tsia, no atao hoe mpikambana mandray anjara mivantana.Ireo manampy ara-bola ny fikambanana ka manohana , na soritrasa, na zaza iray no atao hoe mpikambana mpiahy

Latsakemboka fanao isan-taona no miantoka ny fidiram-bolan'ny fikambanana . Ny vola avy amin'ny mpikambana mpiahy dia arotsaka manontolo any amin'ny soritrasa mahakasika ny fiainan'ny Akany ao Mananjary ary miantoka ny ampahany betsaka amin'ny fampandehanan-draharaha izany.

Mihaona " week end " iray isan-taona ny mpikambana ao amin'ny Amis de CATJA. Fihaonana izay omanin'ireo mpikambana maniry ny hikorakara. Ny mpikambana sy ireo zanany ary ireo vahiny izay asain'ny fikambanana (olon-dehibe, tanora , zaza) dia mianoka fifaliana mandritra ny fihaonana.

Alsace, Paris, Maine-et-Loire, Drôme, Rhône, Isère, Suisse, Jura, Haute Loire . Nahatretrika ny fihaonana izay natao tany amin'ireo toerana ireo ary nahitana ny hakanton' ny faritra tsirairay



Atao mandritra io fihaonana io ny fivoriana ofisialin'ny komity mpitantana sy ny fivoriambe. Misy ny hetsika atao manokana ho an'ny tanora sy ny zaza mba ahatonga ny fihaonana izay nandrasan'ny rehetra tamim-pifaliana, hitondra fahafinaretana ho an'ny tsirairay. Fanatanjahan-tena, fitsangatsanganana, famantarana ny tontolo koltoraly no atao mandritra ny andro. Fijoroana ho vavolombelona, fijerena horonantsary sy raki-tsary mikasika ny famangiana izay natao tany Madagasikara no atao ny hariva. Eo koa ny dinidinika sy ny fifampizarana traikefa mikasika ny fivelaran'ny fiainan'ny Akany ataon'ireo mpikambana izay vao avy

nandalo tany Mananjary Satria manan-danja ny fihaonana dia misy hatrany ny manampahaizana asaina manolotra famelabelaran-kevitra mahakasika lohahevitra mafonja. Manana fototra kristiana koa ny fikambanana . Misy ny fotoam-bavaka isaky ny Alahady maraina ,hanasana ireo mpikambana te-hanatrika izany.



Raha irinao ny hanolotra fanampiana indray mandeha ho an'ny ankizy izay ho arotsakay manontolo any amin'ny Akany ao Mananjary,

Raha irinao ny ho mpikambana mpiahy na hanolotra fanampiana maharitra, dia aza misalasala mifanatona aminay amin'ny alalan'ny :

Adiresin'ny Filoha:

Siège social de l'association : Christian De Tonnac 12 ruelle Porte Embroye

07800 CHARMES SUR RHONE

Site internet: www.lesamisducatja.org